



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavahana - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-155EX

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna ireto:

- laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement»,
- laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021, entre la République de Madagascar et l'IDA»

Fivoriana faha-3
Natao ny
Zoma 6 Aogositra 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

FOTOANA: Zoma 6 Aogositra 2021, tamin'ny 10 ora, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika:

- ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement», sy
- ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021, entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Zoma 6 Aogositra 2021 tamin'ny 10 ora, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa Filoha dia nanao ny fanamarinam-pahatongavan'ny Solombavambahoaka, ka niangavy ny Tale misahana ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena mba hamoaka izany amin'ny fotoana mahamety azy.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa mandeha mivantana amin'ny tambazotran-tserasera na «facebook» ny fivoriana, ka nampahatsahiviny ny torolalana voalaza tamin'ny volana Mey 2021 mikasika ireo fepetra sy fitsipika tokony harahin'ny Solombavambahoaka amin'ny fanatanterahana ny fivoriana.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa araka ny vaovao nivoaka tamin'ny fomba ofisialy dia ny Talata 10 Aogositra 2021 ny Antenimierandoholona vao handinika sy hanapakevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 sy ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 amin'ny fivoriambe hataony amin'io andro io, ka misy fiovàna toy izao ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ary handraisana fanapahan-kevitra izany raha sitraky ny Solombavambahoaka.

- Ny Alarobia 11 Aogositra 2021 amin'ny 9 ora, maraina; asam-baomiera mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 sy ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021.

- Ny Alakamisy 12 Aogositra 2021 amin'ny 10 ora, maraina; fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 sy ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021.

- Ny Zoma 13 Aogositra 2021 amin'ny 11 ora, maraina; lanonam-pamaranana amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanovàna ny fandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, neken'ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory ny fanovàna ny fandaharam-potoana; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoana nasiana fanovàna.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, ny fandaharam-potoana anio dia ny fandinihana araka ny voalaza etsy ambony, ka ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement*» no nirosoana mialoha; ka niangvy ny mpampakatenin'ny vaomiera izy hamaky ny tatitry momba izany.

Nanatontosa izany, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alakamisy 5 Aogositra 2021 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany ary ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampanandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny fanjakana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021, «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
4. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
5. VONINAHITSY Jean Eugene
6. FIENENA Richard
7. RIVOTIANA Jean Bosco
8. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
9. RASIDIMANANA

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory,

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
2. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fizakan-tany tonga nivory,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. EDIZARD
2. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
3. INDRIANDRO Julien
4. RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
5. RAHOLDINA Ranaivo Herinantsoina
6. SATRA Augustin

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny fanjakana tonga nivory,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
2. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
3. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
4. RAVELOSON Guillaume Narindrasana

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory,

Ramatoa sy Aandriamatoa isany:

1. NAKANY Charly Zafimagnely
2. RAMAROSOA Emiline
3. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
4. TSITARA Rogers Osman
5. EDIZARD
6. NAKANY Charly Zafimagnely

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|---------------------------------|-------------------------------------|
| 1. RAMIDO Gaëtan | DG Industrialisation MICA |
| 2. RAZANARISOA Hary | DG Unité Partenariat Publique Privé |
| 3. RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DG Travaux Publique |
| 4. RAKOTOMALALA Vero | Coordonnateur Projet PACT |
| 5. RAHANIRAKA Haingotiana | DDP-MEF |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ireo teknisiana fa ny volavolan-dalàna dia mahakasika ny "Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier", nosoniavina tamin'ny 12 Novambra 2020, izay nifanaovan'ny fanjakana Malagasy sy ny "Fonds Africain de Développement (FAD)".

Mizara roa ny nitondrana ny fanazavana ny volavolan-dalàna:

A- LAFINY ARA-BOLA

Mitentina ho 12 080 000 UC na 16 912 000 USD na 65 767 385 600 Ariary no vola nindramina. Ny tanjona dia ny hampiroboroboana ny toekarena sy ny sehatry ny Indostria eto Madagasikara.

Maharitra 40 taona no faharetan'ny famerenam-bola ka 10 taona amin'izany dia tsy andoavana zanabola. Ny "Commission d'engagement" dia 0,50% isan-taona amin'ny vola efa nankatoavina, fa mbola tsy nampiasaina. Ny "Commission d'engagement" dia 0,75% amin'ny vola efa nampiasaina, fa mbola tsy naverina.

Ny Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa-tànana no miandraikitra ny fanatanterahana ny tetikasa ary ny 30 Jona 2024 no fetra farany hanatanterahana ny tetikasa.

B- LAFINY ARA-TEKNIKA

Ny sehatry ny Indostria dia fototra iray lehibe iankinan'ny fampandrosoana ny firenena kanefa eto amintsika dia ireo orinasa madinika no mibahan-toerana. Izany indrindra no antony nanolorana ny volavolan-dalàna mba hahafahana mametraka "zone industrielle" lehibe hanintonana ireo mpampiasa vola tsy miankina ho fampandrosoana ny firenena sy ho fanatsarana ny farim-piainan'ny vahoaka amin'ny alalan'ny fampanana asa. Anisan'izany ny fametrahana "zones industrielles" miisa 4 izay toy ny "parc textile city" na "parc industriel textile" izay hatao ao Moramanga, Toamasina, Antsirabe sy Antsiranana.

Ity volavolan-dalàna ity dia hahafahana:

- manohana ireo tetikasa efa mandroso toy ny PTASO izay anaovana "zone agro-industrielle" any Toliara;
- mijery ireo orinasa PMI sy PME mba hisitraka ny fametrahana ny "zone industrielle" ka hapetraka ny "Fonds National de Développement Industriel (FNDI)" hanampiana ireo PMI sy PME izay anisan'ny hamatsy ireo orinasa lehibe ao anatin'ny "zone industrielle";
- mametraka ny "fonds" faharoa hikarakarana sy hanomanana ireo tetikasa izay iarahana'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina na ny 3P, izay antenaina hampandroso ny firenena amin'ny alalan'ny fampiasam-bola. Koa raha vita ny fifanarahana amin'ny fampiasam-bola eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina dia hisy ampaham-bola avy amin'ny fifanarahana averina mba hahatonga ny kaonty mba tsy ho foana.

I Madagasikara dia tafiditra ao anatin'ny "zone de libre échange" eto Afrika, mba ho fiomanana amin'izany dia tsara ny mametraka famokarana ara-indostrialy lehibe eo amin'ny sehatra ananantsika vahana (avantage comparatif) toy ny sehatry ny "agro-industrie". Izany no natao mba hahafahan'i Madagasikara mifanakalo ara-barotra eo amin'ny tsenabe Afrikana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

Fanontaniana:

- 1- Efa voafaritra ve ny toerana hanatanterahana ny tetikasa?
- 2- Inona no andaniana ny vola?
- 3- ODOF ve ity sa “parc industriel”; raha ODOF io dia iza avy ireo efa Faritra misitraka izany?
- 4- Mahakasika ny fifaninana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, inona avy no sehatra ahafahantsika mifaninana ankoatra ny “agro-textile”?
- 5- Ny olona ao amin'ny Faritra ihany ve no misitraka ny tetikasa sa misy avy any amin'ny Faritra hafa?
- 6- Maninona no efa manomboka ny tetikasa anefa ny lalàna mbola tsy nandalo teto anivon'ny Antenimierampirenena?
- 7- Aiza ho aiza ny fandraisan'ity tetikasa ity anjara manoloana ireo orinasa efa nikatona sy mitsipozipozy, toy ny SOTEMA, HASIMA, COTONA?
- 8- Manao ahoana ny “mode d’eligibilité” amin'ny fisitrahana ny tetikasa mba hahafahan'ireo mpianatran'ny Oniversite nahavita fikarohana mandray anjara?
- 9- Ahoana ny fomba hisitrahana ny tetikasa atỳ amin'ny Distrika amin'ny Faritra Atsimo?
- 10- Hoatrinona ny trosantsika any ivelany sy anatin'ny amin'ity taona 2021 ity?
- 11- Misy fiantraikany any amin'ny vahoaka ve ity tetikasa ity?
- 12- Azo tohanana ve ireny orinasa madinika ireny, toy ny resaka fitotoam-bary?

Valiny:

- 1- Natao ho antsika rehetra ny tetikasa ary ny Distrika rehetra no voakasika amin'izany mba hanatanterahana ny nolazain'ny Praiminisitra hoe: “One District, One Factory”(ODOF).
- 2- Ny vola azo dia entina hitsirihana ny “potentialité” ananan'ny Distrika tsirairay mba hahafahana manodina ny akora fototra misy ao aminy.
- 3- Sady ODOF izy no “parc industriel” ary Faritra vitsivitsy no hanatanterahana ny tetikasa fa ezahana ny hanitarana azy manerana ny Distrika sasany mandrapahatongan'ny taona 2024.
- 4- Ny sehatr'asa ananana “avantage comparatif” no ifaninana, toy ny fanodinana vokatra azo avy amin'ny fambolena, ny jono, ny fiompiana ary ny hazo.
- 5- Ny zanaka Malagasy rehetra no hisitraka ny tetikasa, fa ny toerana hanaovana ny tetikasa no voafaritra mialoha.
- 6- Efa nisy tokoa ny asa natomboka teo amin'ny vola am-pelan-tànana nanatanterahana ny “One District, One Factory”. Eo ihany koa ny fametrahana ny “parcs industriels” miisa 8 sy ny “Zone d’Emergence Industrielle” izay efa nandaniana vola; ka anisan'ny hanohanana ny tetikasa ity volavolan-dalàna ity.
- 7- Efa tafiditra ato anatin'ny tetikasa ny famerenana ny orinasam-panjakana teo aloha.
- 8- Izany indrindra no nametrahana ny “Fonds National de Développement Industriel” mba hanohanana ireo tanora hisehatra ao anatin'ny fandraharahana.
- 9- Efa misy ny tetikasa “Projet d’Appui à la Transformation du Produit Agro-industriel de la Région Sud-Ouest” izay manangona ny vokatra rehetra any amin'ny Faritra Atsimo mba ahodina ho an'ny tsena ato anatin'ny ivelany.

- 10- Raha mikasika ny trosa avy any ivelany dia 650 tapitrisa dolara no nosoniavina ary 570 miliara Ariary no nindramina avy ato anatin'ny.
- 11- Vao findramam-bola fanindroany eo amin'ny sehatra ny Indostria ity natao ity. Fanampin'izany, ny Indostria dia anisan'ny sehatra mampidi-bola amin'ny fanjakana sy miantraika mivantana amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy noho izy sehatra natao hamoronana asa mivantana.
- 12- Azo tohanana satria tafiditra amin'ny "One District, One Factory".

Fanamarihana:

- 1- Tokony ho i Madagasikara manontolo no voakasiky ny tetikasa izay hanaovana findramam-bola, fa tsy Faritra vitsy ihany.
- 2- Mahavelom-bolo ny voka-pikarohana izay ataon'ny mpianatra avy amin'ny ISTA na ny "Institut Supérieur de Technologie d'Ambositra" any Ambositra kanefa tsy ampy fanohanana, ka angatahana ny hijerena izany amin'ny alalan'ity tetikasa ity.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory, ka noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021, «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory, ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka raha misy manan-kambara.

Nilaza, Andriamatoa SATRA Augustin, fa anisan'ny nandray anjara tamin'ny asam-baomiera kanefa tsy voasoratra ao amin'ny tatitra ny anarany.

Avy tamin'ny solotenan'ny Governemanta kosa, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanitsiana hoe: ao amin'ny pejy faha-7, fanontaniana faha-10: ireo antontan'isa ireo dia mikasika ity taona 2021 ity ary ny Governemanta ankehitriny no miantoka an'izay lafiny izay. Ampiana an'izay izany ny fehezan-teny farany

Rehefa izany, niroso tamin'ny famelabelarana mikasika ny volovolan-dalàna ny mpivory, ka niangavy an'Andriamatoa Minisitry, Ramatoa Filoha, hanao izany.

Toy izao no famelabelarana nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Fantatra fa ao anatin'ny veliranon'ny Filohampirena ny fampiroboroana ny indostria madinika ny salantsalany any amin'ny Distrika lavitry ny tanàn-dehibe.

Efa nanomboka tamin'ny taona 2019 ny fifampiraharaha tamin'ny mpamatsy vola mahazatra mba hanatanterahana ny velirano nataon'ny Filohampirenena. Ny BAD no nifampiraharaha voalohany tamintsika, ka ny volana Novambra 2020 no nanaovana sonia voalohany mba hanohanana ny ezaka ataon'ny Governemanta hanatevenana ny sehatry ny idostria ary nisy koa ny lafiny teo amin'ny "secteur financier".

Ankehitriny, tontosa soa aman-tsara ny fahafahantsika misitraka izany vola izany.

Tsy maintsy mandalo eo anivon'ny amin'ny Antenimiera roa tonta izany amin'ny maha findramam-bola azy.

"Concessionnelle" ny "condition de prêt" satria 40 taona no fe-potoana ahafahana mamerina ny vola "16,912 Millions de Dollars" izay nindramina. Ny "période de grâce" dia 10 taona. Rehefa dinihana, ahafahana miasa ampitoniana amin'ny fampiroboroana ny idostria eto Madagasikara izany vola izany.

Natao koa ity fifanarahana ity mba ahafahana mitsinjo lavitr'ezaka satria ny fisitrahana ity vola ity dia iankinan'ny tetikasa hafa, toy ny fanadihadiana, ny toerana hametrahana ny tetikasa, ny fanatsarana ny "manuel de procédure"-n'ny "Partenariat Public Privée", sns...

Ho amin'ny lavitr'ezaka, ilaina ny hitodihantsika loha any Afrika mba hijerena tsena vaovao amin'ny alalan'ny "zone de libre échange continentale", na ny "intégration économique" toy ny COMESA, SADC mba hamokarana entana izay ilain'ny firenena namana.

Toy izay ny lafiny ara-bola amin'ity fifanarahana ity.

Ramatoa RAKOTOMALALA Lantsoa, Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa Tànana kosa nanolotra fisaorana ny Vaomiera tamin'ny fotoana omaly izay nitondra fanazavana mikasika ity paikady ao anaty volvoln-dalàna ity. Feno ny fanazavana nentin'ny Minisitry ny Toekarena, hoy izy, ka tokony himasoana bebe kokoa ny fampandrosoana ara-toekarena. Ankehitriny, mahafaly ny mahita ireo fanampiana entina mampandroso ny indostria ary tsy vitan'ny hoe manangana indostria fotsiny isika, fa hanome asa ny tanora, hampandroso ny Faritra sy ny Distrika maro.

Ity no tetikasa azontsika niaraka tamin'ny BAD raha ny fampandrosoana ny indostria no resahana.

Ny voalohany dia ny nametrahana ny "projet de transformation Agro-Industriel du Sud Ouest". Ny famatsaim-bola azo dia «projet d'appui à l'industrialisation» ary fanatanterahana ny veliranon'ny Filohampirenena, velirano faha-6 izay fanomezana asa mendrika sy ny velirano faha-7 fampandrosoana ny sehatra tsy miankina ihany koa.

Mbola voaresaka ao amin'ny lafiny arabola ihany koa ny fiaraha-miasa goavana eo amin'ny Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono sy ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa Tànana satria ny tanjon'ny ODOF dia ny hanodina ny vokatry misy any amin'ny toerana tsirairay avy.

Efa miroso amin'ny fametrahana ireo indostria goavana isika amin'izao fotoana izao. Raha tamin'ny 2019, ny 80%-n'ny vokatra jifaina eto an-toerana dia afarana avy any ivelany avokoa. Amin'izao fotoana izao, efa miroso amin'ny «industrialisation» isika. Ohatra, efa mamokatra lafarinina, menaka, sy “pate alimentaire” ary savony isika ankehitriny.

Isaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandinihana azy ity satria efa nilaza ny Filohampirenena, fa tsy hisy Distrika na iray aza hadino amin'ny resaka fampandrosoana, ka nisan'izany ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity.

Hiroso amin'ny fitadiavana famatsiam-bola hatrany isika mba hampandrosoana ny indostria sy ny fampananan'asa ny tanora sy ny vehivavy; anisan'ny votoatin'ity volavon-dalàna ity koa izay. Voalaza ao ny fametrahana «zone industrielle», ny «Fonds National de Développement Industriel», ny fanohanana ny ODOF, ny «unité Partenariat Public Privé» izay fiaraha-miasa hanohanana ny Minisitara rehetra.

Fisaorana mialoha no atolotra ny Solombavambahoaka ary vonona hatrany ny Minisitara hitondra sy hanampy fanazavana raha ilaina izany.

Taorian'ny fanazavana netin'ny Minisitara roa tonta, nilaza, Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nadray fitenenana, Andriamatoa SATRA Augustin, nanambara, fa hatao hahenika ny Distrika rehetra ny ODOF. Nandroso sosokevitra ny tenany hoe: tsy tsaratsara kokoa ve raha ny fanjakana foibe no manao ny “lancement” hiantsoana ny mpamtsy vola, amin'izay manana fahatokisana feno kokoa amintsika izy ireo. Mety hisy amin'izy ireo hiaraka amin'ny iraky ny Minisitara hanao fidinana ifotony hijery ny zava-misy any amin'ny Distrika ka hahita ny filana mety aminy.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Feno dia feno ny fanazavana nentin-dRamatoa Minisitara hoy Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, raha nadray fitenenana ary vao sambany no nisy famatsiam-bola goavana ho an'ny indostria tahaka izao.

Nanamarika mikasika ny “reindustrialisation” no nataony taorian'izay. Tokony hojerena manokana ny SIRAMA satria efatra no isany eto Madagasikara dia any Ambilobe, Nosy Be, Brickaville ary Mitsinjo. Maro ny fitarainana tonga aminay Solombavambahoaka, toy ny fomba fiaraha-miasa amin'ny sinoa any Mitsinjo izay tsy mety mihitsy.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine indray naneho ny hafaliany tamin'ny fahazoana famatsiam-bola ho an'ny indostria satria fanoitra ho amin'ny fampandrosoana ny firenena ny indostria.

Nanamarika ny tenany fa somary variana isika tamin'ny resaka fitsirihana ny "potentialités" rehetra misy eto an-toerana. Efa fantatra "potentialités" ananantsika ary misy asa efa natomboky ny Governemanta, ka izay no tokony hotohizana.

Nisy orinasa tao Ambohimahasoana tamin'ny andron'ny vazaha ary notohizan'ny Malagasy izany; nanome asa ny tantsaha ary nandray ny vokatry ny tantsaha io orinasa io. Raha ny marina, io orinasa tao Ambohimahasoana io no tokony tohanana sy haverina.

Fanentanana ny Solombavambahoaka hifidy ny volavolan-dalàna koa no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny famaliana ny fanontaniana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta satria tsy manan-kolazaina intsony ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAKOTOMALALA Lantosoana, Minisitry ny Indostria sy Varotra ary ny Asa Tànanana, nanambara fa efa maro ny indostria misy eto Madagasikara, ka ny famerenana azy ireo amin'ny laoniny no tena dingana goavana. Faritra iray manontolo no handroso rehefa voapetraka ny indostria goavana.

Ny fijerena ny tantaran'ny indostria teto Madagasikara dia tafiditra ao amin'ny politikan'ny Minisitery amin'ny "reindustrialisation" araka ny fanontaniana nipetraka teo.

Misy tokoa ny «lancement de manifestation d'intérêt» mikasika ny ODOF. Misy ny fiarahamiasa eo amin'ny Minisitery sy ny Oniversite, ny «Centre de Recherches» maro, ny «Ecole Supérieure Polytechnique» eto Antananarivo. Maro ireo voka-pikaroahana azo ampidirina ao amin'ny ODOF sy ny fampandrosoana maharitra hatao eto amintsika.

Mankasitraka ny fanentanana amin'ny hankatoavana ity volavolan-dalàna ity.

Misy tokoa ny fitsinjovana ny Distrika tsirairay amin'ny alalan'ity volavolan-dalàna ity, hoy Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary tetikasa lavitr'ezaka no tsinjovina amin'izany. Midika izay fa mbola hisy ny fotoana hifanakalozana hevitra amin'ny Minisitery ny Indostria sy ny Minisitery ny Fiompiana sy Fambolena mba hijerena zavatra tsaratsara kokoa. Raha nandinika isika saika hita tamin'ny "FIER Mada" omaly ny otrik'harena ananan'ity firenentsika ity.

Misy "avantage comparatif" betsaka izay tsy voatrandraka, ka izay no ezahana hatao, ka izany indrindra no tokony hanaovana ezaka ary miandry an'i Madagasikara ihany koa ny tsena iraisam-pirenena sy eto an-toerana ihany koa.

Nofaranany tamin'ny fisaorana ny Solombavambahoaka amin'ny handaniana volavolan-dalàna ny teniny sady nisaotra an-dRamatoa Filoha, koa ny tenany tamin'ny fandraisampitenenana nomena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Satria tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny rehetra, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 ny mpivory.

Ahitana andininy roa ny volavolan-dalàna; araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao anaty fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahina na ahemotra ny fandihinana azy.

Nambaran-dRamatoa Filoha, koa fa amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao, ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina.

Rehefa natao ny tsagan-tànana, Solombavambhoaka miisa 25 no nandany; tsy nisy nitsipaka, tsy nisy nilaza fa ahemotra; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nanambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Appui à l'Industrialisation et au Secteur Financier (PAISF), conclu le 12 novembre 2020, entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement*».

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Samy naneho fisaorana tamin'ny fandanian'ny Solombavambahoaka ny volavolan-dalàna avokoa ny Minisitra roa tonta tamin'ny fandraisany fitenenana.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 Juillet 2021, entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ny mpivory ary niangavy ny mpampakatenin'ny vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany, Ramatoa Filoha.

Nanantanteraka izany, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alakamisy 5 Aogositra 2021 tamin'ny 12 ora 30 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toe-karena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany ary ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory.

Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda
- 2 ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
- 3 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 4 RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 5 FIENENA Richard
- 6 RIVOTIANA Jean Bosco
- 7 VONINAHITSY Jean Eugène
- 8 RASIDIMANANA
- 9 RAVONTY Tam Téon Luc Urbain
- 10 RAMBOASALAMA Emilien

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory.

Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- 2 RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- 3 ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- 4 RAMBOASALAMA Emilien

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 2 RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 3 EDIZARD
- 4 ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 5 INDRIANDRO Julien
- 6 ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
7. RAMBOASALAMA Emilien

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany tonga nivory.

Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 2 RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- 3 RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
- 4 RAVELOSON Guillaume Narindrasana

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- 2 RAMAROSOA Emiline
- 3 NAKANY Charly Zafimagnely
- 4 TSITARA Rogers Ousman
- 5 JONAH Parfait
- 6 TSABOTOKAY Honoré
7. RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--------------------------------|--------------------|
| 1 RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DG/Travaux Publics |
| 2 RAMIDO Gaetan | DG/MICA |
| 3 RAZANARISOA Hary | DG/UPPP |
| 4 RAKOTOMALALA Vero | MATP/Coordo |
| 5 RAKOTOMAVO Christophe | MATP/AR |
| 6 RAKOTONINDRAINY Zoely | MEF/DDP/SASD |
| 7 RAHANIRAKA Haingotiana | MEF/DDP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nandritra izany no nanazavan'ny teknisiana, fa entina hanatsarana sy hampateza ny lalana eto Madagasikara no tanjona amin'ity famatsiam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena ity. Mitentina 200 tapitrisa dolara amerikana ny fampindramam-bola, ka toy izao ny momba azy:

- 38 taona ny hamerenana ny vola, ka 6 taona voalohany dia tsy handoavana renivola;
- 0,5% ny «commission d'engagement» amin'ny vola efa nankatoavina fa mbola tsy naverina;
- 0,75% ny «commission de service» amin'ny vola efa nampiasaina;
- Amin'ny 30 Septambra 2026 no mifarana ity tetikasa ity.

Eo amin'ny lafiny teknika dia Minisitera maromaro no miara-misalahy amin'ny fanatanterahana izao tetikasa izao, izay ahitana ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; ny Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro ary ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa vaventy.

Izao famatsiam-bola izao dia natokana hanaovana ny fikojakojana na "entretien périodique" an'ireo lalam-pirenena izay efa vita tara na "goudron". Heverina fa hahavita lalana eo amin'ny 1 163km eo ny fitondram-panjakana. Tsy ny lalam-pirenena rehetra anefa no hamboarina, fa ireo izay hita fa mila fikojakojana, toy ny RN2 ohatra, izay mirefy eo amin'ny 125km ny ampahan-dalana ilana fikojakojana.

Tompanana ho 50 tapitrisa dolara isan-taona ny vola hampiasaina amin'ity tetikasa ity ka ny «Agence Routière» no hiandraikitra mivantana ny tetikasa.

Rehefa izany, niroso avy hatrany amin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

Fanontaniana avy amin'ny Solombavambahoaka sy valim-panontaniana avy amin'ny teknisiana:

- 1. Vola be no lanintsika amin'ny fanamboaran-dalana eto Madagasikara kanefa ny kalitaon'ny lalana vita dia ratsy avokoa ka mora simba. Ahoana no fomba fitiliana ireny orinasa manao lalana ireny, fa tena misy manao kitoatoa izy ireny ka tsy maharitra herin-taona akory dia potika ny lalana namboariny?**

Misy lalana mamaritra ny fanomezana ny tsenam-baro-panjakana, ka ezahana ampitaina amin'ny tomonandraikitra ity fitarainana ity satria ny Minisitery dia miombon-kevitra amin'ny tokony hanatsarana izany asa izany.

- 2. Efa betsaka ny simba sy feno lavaka ny lalana RNS 5A mampitohy an'i Vohemar, Sambava ary Antalaha ka hodinganina ve izany ny sasany amin'izy ireo satria raha ny voarakitra ato anaty tetikasa dia 75km ihany no hamboarina.**

Ny RNS5A dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa, ka vinavina ihany aloha io refy io, fa rehefa vita ny tombana atao vao fantatra ny refy tena marina.

- 3. Efa voafaritry ve ny lalana hamboarina amin'ity vola ity? Raha tsia, tokony hampidirina ihany koa ny lalana RN1Bis mampitohy an'i Tsiroanomandidy sy Maintirano.**

Araka ny efa voarakitra tamin'ny fifanarahana tamin'ny famatsiam-bola dia fikojakojana ihany no hatao ka ireo lalana efa vita tara ihany no voakasika izany.

- 4. Tsy tokony hasiana vola manokana ihany koa ve ny hanamboarana ny RN13 mampitohy an'Ihosa sy Taolagnaro.**

Efa tapaka tamin'ny Filankevitry ny Minisitry ny hanaovana tara (goudron) ny lalana Ihosa-Betroka ary efa nivoaka ny antso hanaovana tolobidy hanaovana fitsirihana na "études" ho an'io lalana io. Efa nalefa any amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny fangatahana "avis de non objection" momba ny fitsirihana izay hanaovana tara (goudron) ny lalana mampitohy an'i Betroka-Ambovombe, izay famatsiam-bola manaraka, izay efa vinavinaina miaraka amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitry dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021, «*autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du projet Durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-TRANSPORT), conclu le 21 juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*», ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, tsy nisy Solombavambahoaka nanana fanamarihana na fanitsiana momba izany.

Toy izay kosa ny fanitisana sy fanamarihana momba ny tatitra nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ao amin'ny pejy faha-3, fehezan-teny farany manao hoe: *lalam-pirenena izay efa vita tara. Aleo esorina ny teny hoe tara raha mety. Lalam-pirenena izay efa vita angamba dia mahalaza azy.*

Nomen-dRamatoa Filoha fitenenana Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, raha manan-kambara momba izay. Nambarany fa tamin'ny namakiany ny tatitra, efa nasiany fanitsiana izany, ...*efa vita tara, vita "goudron" no tena heviny.*

Nanamafy izany koa Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, vita tara mira vita *"goudron"*.

Mbola nanamafy izany Ramatoa RAKOTOMANANA Vero, teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy hoe: *ny tara dia "goudron" no heviny.*

Ao amin'ny pejy 5, teboka faha 4, *"paragraphe"* farany manao hoe: ... izay famatsiam-bola manaraka ao aorian'izao tetikasa izao. Ny tena marina dia:.. izay tetikasa efa voavinavina miaraka amin'ny *"Banque Mondiale"* amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay dia nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, hamelabelatra ny voavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nilaza fa izao izy vao naheno an'io voam-bolana hoe: *tara io. Aleo tazonina ihany ny hoe vita tara ao amin'ny tatitra.*

Nambarany koa fa feno dia feno ny tatitra nentin'ny Mpampakateny teo, indrindra ny lafiny ara-bola.

Nosoniavina teny amin'ny Lapam-panjakana teny lavoloha ity findramam-bola ity.

Betsaka raha ny lalana tokony hokarakaraina eto amintsika, midika izany fa zava-dehibe tokoa ny fikojakojana ny lalana.

“Concessionnel” ny findramam-bola araka ny voalaza ao amin’ny tatitra ary lalam-pirenena maro no voakasik’izany fikojakojana izany ary azon’ny “agence routière” atao ny manohy ny asa izay efa nataony.

Fankasitrahana ny fahatokisan’ny Solombavambahoaka ny fitondram-panjakana no namaranany ny fanazavana fohy nataony.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, nilaza fa fohy ny fotoana nandiniana ny volavolan-dalàna kanefa mazava ny votoatiny ka izay no nahavitsy ny fanontaniana. Raha ny faniriana, tokony hanana lalàna mifanaraka amin’ny tetibola isika mba hahazoana mikarakara ny lalana eto amintsika.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine kosa nilaza fa raha lalana eto Madagasikara no resahana, simba ny ankamaroany. Izany anefa no lalandràn’ny toekarena, ka ilaina tokoa ny handaniana ity volavolan-dalàna ity. Tonga amin’ny fotoana ilana azy ity vola ity.

Nametrahany fanontaniana koa raha tafiditra ao anatin’ity volavolan-dalàna ity ny RN7 mapitohy an’Antsirabe-Ambohimahaso.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny volavolan-dalàna.

Andriamato RAKOTORAHALAHY Modeste indray nanambara fa raha ny lalana no resahana, mitovy ihany ny tsy manana sy ny tsy manaja. Mitaky fanajana ny vesatra tokony hoentiny fiara lehibe satria rehefa mihoatra izany, simba ny lalana. Tsy tokony hovesarana entana mihoatra izay zakany ny lalana.

Eritrerehana hanatsarana ny lalana ity findramam-bola atao ity hoy Andriamatoa RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol. Raha 38 taona ny findramam-bola kanefa ny lalana amboarina afaka 10 taona dia simba, tsy mety izay. Noho izany, mila fanaraha-maso ny fanamboaran-dalana atao eto amintsika. Entanina ny Minisitra mba hanao izany fanaraha-maso izany. Tsapa koa fa betsaka ny Distrika mitoka-monina noho ny fahasimban’ny lalana, ka anisan’izany ny Distrikan’i Befotaka Atsimo. Asa raha mba tafiditra ao anatin’ny koa izy na tsia.

Andriamatoa PEPIN MICHOU kosa nitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna satria mety amin’ny rehetra ny fahazoana ity famatsiam-bola ity. Niangaviany ny Minisitra rehetra mba hijery an’Ankazoabo satria mitoka-monina io Distrika io.

Nanambara Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, fa mitokona ny orinasa nanao ny asa tamin’ny “Fonds Routier” satria tsy voalao ny volany. Angatahana ny fanatsara ny fitantanana satria matahotra orinasa raha ny tsenam-barotra ao amin’ny Minisiteran’ny Asa vaventy no jerena, sao tsy voalao ny volany.

Teo amparanana ny teniny, naneho fahavononana handany ny volavolan-dalàna ny tenany.

Taorian'izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Minisitry mba hamaliany ny fanontaniana sy fanamarihana avy tamin'ny Solombavambahoaka.

Toy izao ny teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha nandray fitenenana izy. Mikasika ny RN7, raha ny fahitana ny "Annexe" dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa io lalam-pirenena io. Afaka manamafy izany ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy rehe ilaina izany.

Momba ny vesatry ny fiarabe, efa noresahana tamin'ny Filankevitry ny Governemanta izany. Misy mpamily sy tompon'ny entana tena tsy manara-dalàna mihitsy. Hisy fandaminana amin'ny fandajana fiarabe hapetraka amin'ny lalana mbola tsy ahitana izany.

Mikasika ny "Fonds Routier": sarotiny tokoa ny fitondrana amin'ny orinasa mahazo ny tsenam-baro-panjakana kanefa tsy mahatanteraka ny asany. Misy ny asa tsy vita na vita ratsy. Hojerena hoe iza marina ireo orinasa tena manao ny asany ara-dalàna, ka ireny no ifampiraharaha. Tsy azo hamaivanina ny kalitaon'ny asa; tsy maintsy manaraka ny fenitra izany ary voninahitry ny firenena ny asa vita tsara, ka izay no ezahana.

Efa mijery ny hamahana ny olana ara-bola amin'izao fotoana izao, ka mety tsy ho ela dia hovoavaha izany.

Raha nandray Ramatoa RAKOTOMALALA Vero, teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, nanambara fa feno dia feno ny teny nataon'Andriamatoa Minisitry teo.

Mikasika an'Ankazoabo, tafiditra ao amin'ny drafity ny Minisitry ny fanajariana any amin'io Distrika io. Efa novolavolaina ny DAO ary efa nangatahanay "autorisation d'engagement" any amin'ny fahefana mpanao azy, ka mety tsy ho ela dia hivaly izany.

Taorian'izay, nisaotra ny rehetra tamin'ny fandraisana fitenenana, Ramatoa Filoha ary nilaza fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 ny mpivory.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity. Araka ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny fifanarahana, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy mitsipika sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fa ahemotra.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dàlana laharana-015/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt reletif au financement du projet Durabilité du secteur routier à Madagascar (IPF-Transport) conclu le 21 juillet 2021 entre la republique de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).*

Taorian'izay nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nanatony satria iankinan'ny fikojakojana ny lalam-pirenena maro ity volavolan-dalàna ity. Hatao koa ny fitadiavana lalam-bola hafa, hoy izy, satria izay no adidy napetraky ny vahoaka taminy.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy mbola tonga ny volavolan-dalàna "portant création d'un Fonds Malagasy d'Investissement Souverains et Stratégiques" na ny FMISS"; noho izany, tsy hisy fivoriambe hatao mikasika izany anio tolak'andro.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha. Ny Alarobia 11 Aogositra 2021 amin'ny 9 ora, maraina, Asam-baomiera momba ny volavolan-dalàna laharan faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt au financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Infrastructures routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 Mars 2021 entre la Republique de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le développement international (OFID) sy ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021, «*autorisant la ratification de l'Accord de prêt au financement du Projet de transformation économique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la Republique de Madagascar et l'Association Internationale de Développement*».

Fanentanana ny Solombavambahoaka havitrika amin'ny fanatanterahana izany no nanamaranay ny teniny. Nomarihiny koa fa fivoriana ampitain-davitra no sady azo atrehina ireo asa-baomiera ireo.

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Chritsine Harijaona

